



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fidyava - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-274

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA
MANOMBOKA NY TALATA 17 OKTOBRA 2023**

Fivoriana faharoa
Natao ny
Alakamisy 19 Oktobra 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Irmah Lucien
- ANGELE Solange

FOTOANA: Alakamisy 19 Oktobra 2023, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARANAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 17 Oktobra 2023.

Nitohy ny Alakamisy 19 Oktobra 2023, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa ANGELE Solange.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy fa nisy «Réseaux Parlementaires» vitsivitsy nitsangana tao anatin'ny elanelam-potoana tsy nivorian'ny Solombavambahoaka na ny «intersession». Ireto manaraka ireto izany: ny «Réseau Parlementaire contre les Flux Financiers Illicites», ny «Réseau Parlementaire Africain contre la Corruption» ary ny «Réseau Parlementaire pour la Justice Reproductive».

Niangaviany ny Solombavambahoaka izay liana amin'ny fidirana amin'ireo «Réseaux» mba hanatona an'Andriamatoa Sekretera Jeneraly hanomezany ny fanampim-panazavana mikasika izany.

Manarak'izay, nambarany koa fa nivory ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, omaly 18 Oktobra 2023. Tao anatin'izay fivoriana izay no nanapahana fa hisy ny fepetra manokana horaisin'ny «Direction de la Sécurité» eto amin'ny Antenimierampirenena mba ho fanamafisana ny fiarovana ny Lapa sy ny Solombavambahoaka ary ny mpandraharaha miasa ao aminy.

Niangavy ny rehetra mba hanaraka antsakany sy andavany ny toromarika hapetraky ny Talen'ny Filaminana anaty ato amin'ny Antenimierampirenena ihany koa ny tenany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nangataka satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Tamin'ny satroka nataony no nanambaran-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy mandeha ny «Wifi» ao amin'ny efitranon'ny Birao Maharitra, kanefa ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa izany. Nangataka ny hijerena manokana ny hamerenana izany ny tenany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa voarain'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ny fomba hamerenana izany.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice kosa nanontany ireo fepetra vaovao horaisina mba hiarovana ny Solombavambahoaka sy ny Lapa ary ny mpiasan'ny Antenimierampirenena satria mbola tsy mahafantatra an'izay. Izany hoe, tokony holazaina ny andraikitra ny tsirairay manoloana ireo fepetra ireo.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny Talen'ny Filaminana no hanazava ny momba izany.

Nangataka ny hijerena manokana ny mikasika ny «parking» eto amin'ny Antenimierampirenena, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, satria maro ny fiaran'olona mijanona ato amin'ny tokotanin'ny Lapa kanefa tsy fantatra hoe iza no tompony.

Namaly Ramatoa Filoha fa voaray avokoa ny fangatahan'ny Solombavambahoaka teo ka hampitaina any amin'ny tompon'andraikitra mifanaraka amin'izany.

Rehefa izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha ary niangavy ny Mpitantsoatra hamaky ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents».

Nanatanteraka izany, Ramatoa ANGELE Solange, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-18 Oktobra 2023 nanomboka tamin'ny 3 ora sy sasany, tolah'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMANASOA Christine, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" tonga nanatrika izany. (cf fiche de présence)

Fiarahabana sy fisaorana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny tatitry ny fivorian'ny Birao Maharitra ny marainan'ny Alarobia faha-18 Oktobra 2023. Nivoitra tamin'izany ny fanapahan-kevitra amin'ny tsy tokony hisian'ny fandaharam-potoana aloha, mialohan'ny fivorian'ny Birao Maharitra manaraka, noho ireo andraikitra maro sahanin'ny Solombavambahoaka mahakasika ny fampielezan-kevitra.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory. Tao ireo niombon-kevitra tamin'ny Birao Maharitra; tao kosa ireo nitsipaka izany. Natao ary ny tsangan-tànana ka mpikambana miisa 22 no nanaiky ny hevitra ny Birao Maharitra, 4 nandà ary 3 kosa no tsy nilaza ny heviny.

Hoentina eo amin'ny fivoriambe io hevitra ny maro an'isa tao amin'ny "Conférence des Présidents" io mba handraisana fanapahan-kevitra farany ny Alakamisy faha-19 Oktobra 2023 amin'ny 10 ora, maraina.

(tovana)

FICHE DE PRESENCE

CONFERENCE DES PRESIDENTS

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
01	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
02	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
03	RAHELIHANTA Jocelyne	Vice-Présidente
04	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Présidente
05	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Présidente
06	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
07	RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera	Deuxième Questeur
08	RABENIRINA Maminaina	Troisième Questeur
09	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
02	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
03	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
04	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
05	Commission des Postes et des Télécommunication et	MAMANGY Norbert	GPR

	des Nouvelles Technologies		
06	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
07	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth	IRD
08	Commission des Travaux Publics	RASALAMA Léon	IRD
09	Commission des Infrastructures et de l'Équipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
10	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
11	Commission de la Santé Publique	RAJAOBELINA Lova Herizo	IRD
12	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
13	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêches	BAOFEMO Micheline	IRD
14	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
15	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
16	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
17	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
18	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
19	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR
20	Commission de	JOHASY Eléonore	GPR

	I'Evaluation des Politiques Publiques		
21	Commission Chargé de l'Examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un député	RAZAKANDRAINY Dominique	Henri IRD
22	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	IRD

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
01	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents», Ramatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka maromaro nanao satroka ka nomena fitenenana.

Nanambara Andriamatoa DJAOSERA Irénée, fa mazava ny tatitra tao amin'ny «Conférence des Présidents» ary eto amin'ny fivoriambe no andraisana fanapahan-kevitra farany raha ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena sy ny Lalàmpanorenana no jerena. Ny Lalàmpanorenana inany koa manery ny Solombavambahoaka hanao fivoriana ara-potoana kanefa ny fanaovana fampielezan-kevitra indray no hatao mibahan-toerana.

Misy koa Tolo-dalàna miandry ny Solombavambahoaka hatramin'izao, ka tokony hiasa ny Solombavambahoaka noho izany, fa tsy ho variana amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra fotsiny. Hanimba endrika ity Andrimpanjakana ity izany raha izao no ataon'ny Solombavambahoaka. Aoka tena hiasa fa tsy atakalo zavatra hafa ny asa ankinina amintsika solotenan'ny vahoaka.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nilaza fa ny fe-potoana faharoa na ny "2^{ème} session" dia natokana handiniana sy handaniana ny Tetibolam-panjakana. Mbola tsy tonga eto amin'ny Antenimierampirenena anefa izany amin'izao fotoana izao, ka aleo aloha andrasana ny fahatongavan'izany. Tsy mandika Lalàmpanorenana ny Antenimierampirenena raha miandry an'izay fotoana ahatongavan'izany eto. Rehefa tonga izay "loi de finances" izay dia ampidirina amin'ny volavolam-pandaharam-potoana ary tohizana ny asa aorian'izay.

Andriamatoa RAKOTONDRA SOA Fetra kosa nangataka ny hamoahana ny isan'ny fotoana nanatrehan'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry fivoriana tato amin'ny Antenimierampirenena mialohan'ny hanomezan'ireo mpomba azy lesona ny Solombavambahoaka tsy mitovy hevitra amin'izy ireo.

Nanao fanamarihana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa amin'ny faha-16 Novambra 2023 izao no hiatrika fifidianana ny vahoaka Malagasy. Ny "loi de finances" izay zava-dehibe hodinihan'ny Solombavambahoaka anefa tokony ho tonga 30 andro mialohan'ny handraisana fanapahan-kevitra momba azy eto amin'ny Antenimierampirenena ary aorian'izay vao mankany amin'ny Antenimierandoholona izy io. Iarahana mahafantatra koa anefa ny fomba fiasan'ny Minisitry ny Tetibola. Raha misy fohodinana faharoa na "2^{ème} tour" ny fifidianana dia vao maika hiteraka olana ny mikasika ny fandinihana ny Tetibola, ka aleo mba hojerena ihany izay zavatra izay.

Misy ihany koa ny Tolo-dalàna na "proposition de loi" momba ny olona varira izay sokajina fa hamehana ny tokony handinihana azy. Mila jerena izany satria mijaly ireo olona ireo amin'ny zavatra mahazo azy satria amin'izao fotoana itenenana izao, olona malalatànana no hany sisa manampy azy ireo. Izany hoe, lasa toy ny olona very zo izy ireo eny amin'ny fiarahamonina satria miaina ao anaty tahotra lalandava sao hisy haka an-keriny.

Niverina nanao satroka indray, Andriamatoa DJAOSERA Irénée ary nanambara fa misy Solombavambahoaka mitondra sora-baventy izay milaza fa tsy mila korontana indray no mitarika izany ato anatin'ny fivoriambe.

Andriamatoa ANDRIANARINDASANA Norbert Marie Ignace kosa nanambara fa manana 60 andro ny Solombavambahoaka hanatanterahany fivoriana, ka tsy misy antony tonga dia hanomboana ny asa avy hatrany.

Nomarihany koa fa tsy afaka miroso amin'ny fifidiana ny vahoaka raha sanatria misy ny korontana.

Andriamatoa IDEALSON kosa nanambara fa ilaina tokoa ny adihevitra eo amin'ny lafin-kery rehetra, mba tsy hisian'ny korontana eto amin'ny firenena raha izao zava-misy izao no jerena. Nomarihany koa fa fandikana ny Lalàmpanorenana no nataon'ny Solombavambahoaka nitsipaka ny fanatanterahana ny "questions-réponses" tokony ho natao tamin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta tamin'ny fivoriana ara-potoana voalohany teo. Tsy te-hiray tsikombakomba amin'izany izahay, hoy izy, fa aleo hazava ny resaka.

Taorian'izay, nangataka ny hirosoana amin'ny tsangan-tànana kosa Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao.

Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée kosa niangavy ny Solombavambahoaka, mba handinika tsara satria misy antony matoa hatramin'izay tsy natao volana Novambra sy Desambra ny fifidianana teto amintsika. Nomarihany fa amin'ny maha Solombavambahoaka voafidy tao Faradofay no andraisany fitenenana satria mijaly ny vahoaka amin'izao zavatra ataon'ny mpitondra izao.

Nanambara kosa Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, fa miombon-kevitra amin'ny fanapahan-kevitra ny «Conférence des Présidents» ny tenany. Izany hoe, manaiky ny hanemorana ny lahadinika eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana manaraka ary nanentana ny Solombavambahoaka mba hanaraka izay hevitra natolony izay.

Namaly Ramatoa RATSIMANDROINA Aida Hardy, fa roa no isan'ny Solombavambahoaka voafidy tao Faradofay ary ny tenany no lisitra voalohany, Ramatoa ZAFINANDRO Perle indray no lisitra faharoa. Izany hoe, nanao paodroa izahay ary samy mpikambana ao amin'ny antoko IRD saingy izy lisitra faharoa no nivadika araka ny teny nataony teo. Izaho RATSIMANDROINA Ida Hardy kosa tsy miala amin'Andriamatoa Andry RAJOELINA Filohampirenena hatramin'izao.

Adriamatoa TSARADIA Marco indray nanambara, fa ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa dia atokana ho fandinihana ny Tetibolam-panjakana. Noho izany, rariny raha ahemotra aloha ny lahadinika satria mbola tsy eto am-pelan-tànana ny volavolan-dalàna mikasika izany.

Nangataka fitoniana ho an'izay mandray fitenenana kosa Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta ary nambarany koa fa tsy tokony hifampihantsy ny Solombavambahoaka manoloana izao zava-misy eto amin'ny firenena izao.

Andriamatoa NICOLAS Stephan Alphonse kosa nangataka ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny lahadinika satria mandeha ny fotoana sady tsy mety raha hiafara amin'ny zavatra hafa izao fivoriambe atao izao.


Taorian'ny satroka nataon'ny Solombavambahoaka, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny lahadinika ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 69 no nandany; tsy nisy ny nitsipaka, Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lanin'ny fivoriambe ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena natao ny Alarobia 18 Oktobra 2023. Izany hoe, tsy tokony hisy aloha ny fandaharam-potoana fa miandry ny fivorian'ny Birao Maharitra amin'ny manaraka.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona